


TAHIRY



SERASERAN'NY TAHIRIMBOLAM-PANJAKANA
Bulletin mensuel d'information et de liaison de la Direction Générale du Trésor

BON DU
TRESOR

FIHARY



ETRE


Gestionnaire
des Fonds de Contrealeur

INVITEE DE L'ECONOMIE

Hanitra RAHARINJATOVO, DG du FDL
« Les communes
doivent être un levier de développement »

sommaire

- 03 LE MESSAGE
Andeha isika hiara-hientana hampandroso ny firenena
- 04 TSIAHY
Fitantanana ny mpiasa
Nivoatra nanaraka ny vanim-potoana sy ny tekinôlôjia
- 05 CHRONIQUE
Développement et Urbanisme :
QUAND ON VEUT, ON PEUT !
- 06 ETRE
Gestionnaire des Fonds de Contrevaieur
- 09 IZAHO SY NY ASAKO
Danieline RAHARINIRINA,
Fondée de Pouvoirs TG Manakara
- 10 INVITEE DE L'ECONOMIE
Hanitra RAHARINJATOVO, Directeur Général du FDL
- 12 APOSTROPHE
Communes : L'obtention de subventions n'est pas un droit mais une faveur !
Efficacité douteuse des subventions exceptionnelles
- 13 ACTUALITES
Rivodoza Chedza :
Anisan'ny nitondra takaitra ny Tahirimbolam-panjakana
- 14 Bon du Trésor FIHARY :
Tongotra mby an-dakana
ny an'ny Tahirimbolam-panjakana
- 13 AVIS D'EXPERT
Général de Corps d'Armée Dominique RAKOTOZAFY,
Ministre de la Défense Nationale



TAHIRY

Bulletin mensuel d'information et de liaison de la Direction Générale du Trésor

Directeur de Publication :
Orlando ROBIMANANA

Rédacteur en Chef : Landy
ANDRIAMIALIZAFY

Comité de Rédaction :
Andry RAKOTOARIMANANA;
Haingotiana RAHANIRAKA;
Haingotiana RAJEMISA;
Hajaina ANDRIAMBOLOLONA;
Hanitra RANDRIANIRINA;
Harivelo TSIMILAZA;
HERY Mann Charles;
José RAJOELISON;
Mbolatiana RAMAMONJISOA;
Naomi RAVONIRINA;
Oniniaina RAKOTONINDRINA;
Ony RABENANTOANDRO;

Rivolala RANDRIANARIFIDY;
Sandrine PARAINA;
Soamialy RAFIRINGA
Solofo RAKOTOMAVO;
Solonirina
RASOLOFOARIMANANA;
Tojo Hasina RAKOTOSALAMA;
Voasary Ravo
RAONIZAFINARIVO;
Yves RAKOTO;
Zoely RAKOTONINDRAINY

Infographistes/P.A.O. :
iAko M. RANDRIANARIVELO;
Mparany RAMANANARIVO

Le message

Andeha isika hiara-hientana hampanandroso ny firenena

Nivalona ny taona 2014. Taona mafy tokoa ho an'ny Tahirimbolam-panjakana manokana kanefa nahavitana zavatra maro be ihany koa. Miandrindra fivoarana isika olom-pirenena amin'ity taona 2015 ity. Manantena fivoaran'ny toe-draharaha ihany koa. Samy tomponandraikitra isika rehetra amin'ny fampandrosoana ny firenentsika, koa alao hery ary ry namana mpiara-miasa fa sarotra sy betsaka ny adidy nampandraiketina antsika.

Raha atao jery todika ny taona lasa. Raha nitsangana ny governemanta dia nanantena ny rehetra fa hivaha manaraka izany ny olana ara-bola rehetra izay niainan'ny firenena. Tsy izany anefa no nitranga fa ny fidiram-bola anatin'ny nitotonganana, ny fanampiana izay efa nampanantenaina fa ho azo avy amin'ireo mpamatsy vola iraisam-pirenena ampahany ihany no niditra tao anaty kitapom-bola ary efa tamin'ny faran'ny volana desambra vao tonga fa tsy araky ny nieritreretana azy. Mafy ny ady kanefa tsy maintsy niezaka nitady vahaolana hatrany ny Tahirimbolam-panjakana hanatanterahana ny fandaniana rehetra. Sarotra, kanefa vita ihany noho ny fiaraha-mientana sy ny fahaizan'ireo teknisianina eto anivon'ny Tahirimbolam-panjakana.

Na izany aza anefa, anisan'ny taona nahatanterahana zava-dehibe maro ny taona 2014 raha tsy hitanisa afa-tsy ny fananganana ny *Trésorerie Principale Intercommunale* voalohany, ny fandaniana ny lalàna mikasika ny orinasa ananan'ny Fanjakana petrabola, ny lalàna mifehy ny findramambola, ny maha *Officier de Police Judiciaire (OPJ)* ireo mpanao fitsirihana eto amin'ny Tahirimbolam-panjakana... Raha ny eo amin'ny lafiny sosialy indray dia nivelatra be mihitsy ny fanatanjahantena, ny fifanohanana rehefa misy fahoriana izay ahatsapana ny fitomboan'ny firaisankinan'ny mpiasa.

Izany fiaraha-mientana izany hatrany no nampisongadina antsika ka nahitan'ny vondrona iraisam-pirenena ny fitantanana teo anivon'ny Tahirimbolam-panjakana izay nahavoafidy ny mpitarika ho isan'ireo manam-pahaizana manokana eo anivon'ny Tahirimbola iraisam-pirenena (FMI) sy mpikambana ao amin'ny *Comité du Budget et des Finances-n'ny Cour Pénale Internationale (CPI)*. Betsaka ireo fifanarahana vita niaraka tamin'ireo firenena hafa isan-karazany. Ny olom-pirenena sy ny fiarahamonim-pirenena dia efa resy lahatra amin'ny fanavaozana ataon'ny Tahirimbolam-panjakana amin'ny ezaka fametrahana ny fanjakana tsara tantana. Ilaina hamafisina araka izany ny firaisankinantsika ahafantsika miara-mandroso ny fampandroso ny firenentsika.

Betsaka ny vita kanefa mbola maro ny asa miandry antsika amin'ity taona vaovao 2015. Ny taontrano tsy efan'ny irery koa manantena ny rehetra hanambatra ny hery sy ny fahaizana rehetra ary ny firaisankina hamirapiratantsika indray amin'ity taona ity. Ho antsika eto amin'ny Tahirimbolam-panjakana dia ny fanohizana ny fampanarahana amin'ny toetrandro ireo *Trésoreries Générales* rehetra, ny famoahana ny *carte électronique* Fanilo izay hisolo ny CCAL, ny famoahana ny tolotra vaovao *Bon du Trésor* Fihary ary ny fanarenana sy famerenana amin'ny laoniny ny fitantanana ireo orinasa ananan'ny fanjakana petrabola no anisan'ny asa goavana hatrehintsika.

Mila ny fandraisana andraikitra ny tsirairay anefa ny fampandrosoana fa tsy vitan'ny Tahirimbolam-panjakana irery. Efa nitondra ny anjara birikiny izy ary mbola hanao izay ho afany kanefa mila ny fahatongavan-tsainan'ny tsirairay mba tsy ho raraka an-tany ny ezaka rehetra efa vita ary indrindra ahafahantsika miandrindra ho avy mamiratra. Dia ho tody amin'ilay Fanjakana tsara tantana isika !

Mirary taona feno fahatanterahana ho antsika rehetra !

Orlando Robimanana
▲ Orlando Robimanana
Directeur Général du Trésor Public Malgache

édito

Liberté, Responsabilité, Autonomie

Etre libre est la première perception de l'autonomie. C'est la faculté de définir ses propres règles et de gouverner selon les règles qu'il a définies. L'autonomie est synonyme de liberté car on est délivré de toute pression extérieure dans la prise de décisions ainsi que dans la détermination et la réalisation de tous nos projets.

Etre responsable est l'autre aspect de l'autonomie. C'est la responsabilité de subvenir soi-même à ses besoins. Dans la gestion de l'entité, le responsable doit assumer la décision, la réalisation, et même la sanction lorsque le résultat attendu n'est pas obtenu. Cette notion de responsabilité est malheureusement chose rare chez certains lorsqu'ils faillissent à leur mission. Faire endosser aux autres leurs échecs est si facile et est une attitude si courante. Ils oublient qu'ils doivent répondre de leurs actes, quelles que soient les circonstances et les conséquences.

Etre autonome ne s'improvise pas. Il faut de la volonté, de la compétence et de la capacité afin de pouvoir réfléchir «seul» aux règles à établir et aux projets à entreprendre. Des négligences au stade de la prise de décisions garantissent un échec du projet et ne feront que contribuer au gaspillage des deniers publics. Sans ces qualités, l'entité n'aurait été qu'un simple «canal» au service d'intérêts personnels pour détourner les fonds publics et échapper aux contrôles.

Pour certaines entités, l'autonomie lui assure une liberté totale et absolue. Contrôle et conseil signifient automatiquement pour eux ingérence. Néanmoins, des entités soucieuses d'un développement réel ont pu réaliser des projets contribuant au bien-être de la population grâce au contrôle et au conseil. Elles ont su dissocier conseil et ingérence et ont dépassé la «peur» du contrôle, qui n'est qu'une procédure pour éviter le gaspillage et les malversations.

Pour que l'autonomie soit un vrai levier de développement, il faut apprendre à ces entités à pêcher au lieu de leur fournir tout le temps du poisson, les aider à se forger pour qu'ils ne tombent plus au lieu de les relever à chaque fois. Cela leur apprendrait à utiliser de manière efficiente les subventions qui leur sont octroyées et de les secourir de leur situation éternelles assistées.

▲ Landy ANDRIAMIALIZAFY

tsiahy

Fitantanana ny mpiasa Nivoatra nanaraka ny vanim-potoana sy ny tekinôlôjia

Fizarana 52

Ny mpiasa tsirairay dia samy maniry ny hisondrotra sy handroso amin'ny asany avokoa. Mampazoto ny rehetra sady mampitombo ny risi-po hiasa mafy sy tsara rahateo izany. Iankinan'ny fahombiazan'ny mpiasa sy ny asa eto anivon'ny Trésor ny fampanarahana amin'ny toetrandro ny fitantanana ireo mpiasa sy ny mombamomba azy. Ezaka lehibe notanterahina teto anivon'ny Tahirimbolam-panjakana ny fampiasana ny rafibaovao (logiciel) fitantanana ny momba ny mpiasa. Maro ireo dingana nolalovana vao tonga tamin'izany fampiasana ny tekinôlôjia vaovao izany.




Milina fanoratana no nampiasaina fahiny (1950-1990)

Niova isaky ny vanim-potoana

Hatrany am-piandohana dia nisy ny sampandraharaha manokana nisahana ny fitantanana ny mpiasa sy ny mombamomba azy teto amin'ny Trésor. Talohan'ny taona 1992 dia ny sampana Personnel no niandraikitra an'izany. Teo anelanelan'ny taona 1992 sy 1994 dia natsangana teto amin'ny Trésor ny sampandraharahan'ny fandraharahana ankapobeny (Service de l'Administration Générale). Niankina mivantana tamin'ny foibem-pitantanana ankapobeny (Direction Générale) mandrakariva izany sampandraharaha izany.

Nanomboka tamin'ny taona 1994 dia nisy ny fanovana ka najoro ny sampandraharaha misahana manokana ny mpiasa sy ny fampitaovana (Service du Personnel et de la Logistique) ka ny Talen'ny Taokaontim-panjakana no niahy azy mivantana. Tamin'ny taona 2008 dia naverina niankina tamin'ny Foibem-pitondrana (Direction générale) io sampandraharaha io ary nantoina hoe Service Administratif et Financier izay



Manafaingana ny asa ny fampiasana ny rafibaovao izay natokana ho an'ny fitantanana ny mpiasa

misahana ny fitantanana ny momba ny mpiasa eto amin'ny Tahirimbolam-panjakana hatramin'izao. Io sampandraharaha io no miandrakitra ny fitantanana-draharaha sy ny fikirakirana ny



Nandany fotoana be ny fikirakirana ny antontan-taratasy

fivoarana eo amin'ny asa (carrière) sy ara-bolan'ireo mpiasa rehetra eto amin'ny Tahirimbolam-panjakana. Izy ihany koa no misahana ny raharaha ara-pitsipi-pifehezana sy ara-tsosialin'ny mpiasa (Affaires disciplinaires et sociales du personnel). Toy izany koa ny fitantanana enti-mitsinjo ny mpiasa (Gestion prévisionnelle des ressources humaines) sy ny fampiasana ny haikajimirindra amin'ny fitantanana ny mpiasa (Informatisation de la gestion des ressources humaines).

Nivoatra ny fitaovana nampiasaina

Talohan'ny taona 1990 dia ny milina fanoratana no nampiasaina tamin'ny fandraisana an-tsoratra ny mombamomba ny mpiasa tsirairay teto amin'ny Tahirimbolam-panjakana. Natao tamin'ny tanana avokoa ny fandaminana ireo antontan-taratasy rehetra ka nilana fifantohana tanteraka

sy fomba fiasa mahomby izany mba hahamora ny fitadiavana raha sendra misy ilaina.

Taorian'ny 1990 vao nisy ny fandraisana ny antontan-taratasy sy ny fandaminana azy tamin'ny fitaovana infôrmatika izay nampiasana ireo rafibaovao faran'izay tsotra toy ny word sy ny excel. Nitohy tamin'ny taona 2000 ny fampidirana ny haikajimirindra teo amin'ny fitantanana.

Kihondalana ny taona 2011

Fotoana niavaka teo amin'ny fitantanana ny mpiasa teto anivon'ny Tahirimbolam-panjakana ny taona 2011. Nanomboka teo mantsy dia nohavozina tanteraka io fomba fitantanana io ka nampiasana ny rafibaovao fitantanana ny mpiasa rehetra (Logiciel de gestion des ressources humaines). Tsy maintsy nirosoana ny fampanarahana toetrandro ny fomba fiasa sy ny fitaovana satria nitombo be ny isan'ny mpiasa. Tamin'ny volana septambra 2010 ohatra dia efa nananika ny 1 383 ny isan'ireo mpiasa rehetra teto amin'ny Tahirimbolam-panjakana manerana ny nosy sy ny any amin'ny masoivohon'i Madagasikara any ivelany. Nanomboka ny fametrahana tsikelikely ny tahiry fototra momba ny mpiasa (Base de données du personnel).

Tsy natao amin'ny tanana intsony, toy ny teo aloha ny fitantanana ny mombamomba ny mpiasa - ny fisondrotana eo amin'ny asa (Gestion et suivi des avancements), ny filalan-tsasatry ny mpiasa, ny fanendrena sy famindran-toerana ny mpiasa (Suivi des mouvements) ary ny fanontana ireo taratasim-panjakana ilain'ny mpiasa andavanandro toy ny taratasy fanamarinana ny maha mpiasam-panjakana (Certificats administratifs) sy ny sisa.

Mitohy ny fanatsarana

Na dia efa manaraka ny fivoaran'ny tekinôlôjia aza ny fitantanana ny mpiasa sy ny mombamomba azy eto amin'ny Tahirimbolam-panjakana dia mbola maro ireo fanatsarana tsy maintsy hatao. Tafiditra ao anatin'izany ny fanatsarana ny rafibaovao amin'ny fanarahamaso ny antontan-taratasin'ny mpiasa tsirairay avy. Kendrena ihany koa ny hamoahana avy hatrany ny antontanisa marina momba ny mpiasa sy ny fahafahana mampiditra mivantana ny soratra fototra (données) mikasika ny mpiasa. Tafiditra rahateo ao anatin'ny fanamby dimin'ny Tahirimbolam-panjakana ny fampanarahana amin'ny toetrandro ny fitantanana.

chronique



La Commune urbaine de Mahajanga : un exemple à suivre

Transformer la ville de Mahajanga. Tel a été l'objectif de la Commune Urbaine (CU) de Mahajanga qui a su mettre en œuvre des projets ambitieux afin d'embellir la ville et redorer son image de Cité des fleurs d'antan. Ainsi des projets de modernisation de l'agglomération de Mahajanga ville ont été sortis du tiroir et soumis à des partenaires locaux et nationaux - La Commune Urbaine, le secteur privé et l'Etat - pour réalisation. Ces travaux concernent : (i) la réhabilitation et l'agrandissement des rues de la ville ; (ii) l'aménagement de deux nouveaux axes routiers ; (iii) le curage des canaux d'évacuation de la ville par système de Haute Intensité de Mains d'Œuvre (HIMO) ; (iv) la construction d'un nouveau gymnase couvert ; (v) la réhabilitation des bâtiments du tribunal et (vi) l'aménagement du village touristique qui comprendra dès mi-2015 un nouvel axe routier avec piste cyclable, des terrains de jeux sportifs avec gradins, une aire de promenade et une marina destinée à recevoir plusieurs bateaux de plaisance. Bref, une transformation totale de la ville !

Avec de la volonté, les rêves peuvent devenir réalité...

Avoir une vision est essentiel. C'est le point de départ pour se projeter dans l'avenir. Et c'est cette vision qui nous pousse à l'action afin d'atteindre les objectifs. Madagascar a justement besoin d'une vision moderne et ambitieuse pour son développement. «Vouloir, c'est pouvoir!» Une citation qui suppose qu'il faut se donner les moyens pour avancer vraiment. Et c'est ce qu'a fait la CU Mahajanga. La bonne volonté de ses dirigeants les a incité à s'activer pour que les rêves deviennent réalités. C'est ainsi que la transformation d'une ville en état de délabrement en un endroit propre où il fait bon de vivre et bien gérée en matière d'infrastructures a été rendu possible.

Développement et Urbanisme : QUAND ON VEUT, ON PEUT !

Le manque de moyen ne devrait pas constituer un frein au développement

Bien préparé, ce projet a été présenté à différentes entités et la concertation entre ces dernières a permis de trouver diverses ressources dont l'appui de la Présidence de la République, du Ministère des Finances et du Budget par le biais du Trésor Public, de la CU Mahajanga et des entreprises de Travaux publics locales et nationales pour la réalisation des ouvrages.

Une leçon peut être tirée de ce programme : chaque commune qui dispose d'une vision en vue de son développement aura toujours sa chance et trouvera les partenaires nécessaires, publics ou privés ou les deux à la fois. Encore faut-il qu'on ait les gestionnaires communaux qu'il faut et un suivi rigoureux dans l'utilisation des fonds publics.

... malgré les diverses pressions et blocages

Malheureusement chez nous, la résistance au changement est de coutume. Des personnes bornées et réfractaires au progrès qui ne pensent qu'à dénigrer sans même avoir toutes les cartes en mains trouvent toujours les moyens pour faire un blocage. A se demander si Madagascar peut prétendre à un développement avec de telles mentalités !!! Ces personnes sont même allées jusqu'à véhiculer des allégations mensongères à travers les *media* pour tenter de monter la population contre les responsables du projet. Est-ce si difficile d'accepter tout simplement un vent de changement et voir plutôt ses côtés positifs? Intérêts personnels des fonctionnaires en charge du suivi et de la bonne marche du projet dans la ville, dénigrements de tout genre... Autant de médisance pour mettre des bâtons dans les roues des projets. Mais tout compte fait, ces adversaires du progrès ne constituent qu'une poignée de personnes qui ont été par exemple appelées à libérer des endroits publics occupés illégalement. Toujours et encore des personnes qui ne cherchent qu'à protéger des intérêts qui ne profitent qu'à une frange de la population et même de leurs seuls intérêts. Ils ont tenté de faire entrave à la réalisation mais n'ont réussi qu'à faire retarder les travaux et qu'il ait même fallu recourir à la voie judiciaire pour que les ouvrages reprennent. Pitoyable ! Et le mot est faible.

Pour la population et le pays tout entier

Il ne faut pas oublier les retombées positives pour la population et la région concernées. Nul n'ignore aujourd'hui que l'amélioration des infrastructures est le meilleur appel aux investisseurs privés, sources principales de croissance et de création d'emplois. Mais les



esprits chagrins resteront sourds, aveugles comme ils le sont, mais ne resteront pas muets jusqu'au jour de l'inauguration de ces réalisations car ce jour là, ils doivent se rendre à l'évidence que le monde avance. Libre à eux de choisir entre être simple spectateur ou acteur du développement. Ces transformations structurelles permettront l'amélioration des ressources de la commune et attireront certainement les investisseurs et touristes dans la ville des fleurs et ses environs.

En tout cas, l'exemple de la CU Mahajanga peut servir de référence pour toutes les communes et autres collectivités. L'aide de l'Administration centrale n'est pas un droit systématique mais se négocie à condition d'avoir une vision claire et une volonté de réussir son propre développement car QUAND ON VEUT, ON PEUT !

Le concept

Les Fonds de ContreValeur (FCV) sont l'équivalent en MGA des dons en nature que le Gouvernement de Madagascar reçoit à titre d'aide non remboursable de partenaires étrangers. Ces dons et aides proviennent essentiellement de partenaires bilatéraux entre autres, le Gouvernement japonais. Ils rentrent dans le cadre de financement hors projets. Les aides génératrices de FCV contribuent à l'amélioration de la balance de paiement du pays bénéficiaire, appuient les opérateurs économiques dans le cadre de leurs activités telles que définies dans leurs statuts ou soutiennent leurs investissements et financent la réalisation de projets socio-économiques formulés par le pays bénéficiaire.



Le principe

L'octroi du don est à l'initiative du bailleur.

A travers des échanges de notes, le donateur autant que le pays bénéficiaire peuvent proposer un secteur précis à soutenir. Concrètement, le donateur alloue une somme d'argent destinée à importer des marchandises définies préalablement avec le pays bénéficiaire dans une liste restrictive. Il en assure l'arrivée au port de Madagascar, à travers ou non le service d'une agence d'exécution.

Les marchandises sont par la suite attribuées aux opérateurs économiques qui en ont manifesté leurs intérêts. Ces bénéficiaires doivent par la suite reverser au Trésor Public le prix de ces marchandises, en monnaie locale.

Les montants recouverts par le Trésor Public sont finalement reprogrammés pour financer des projets nationaux : agriculture, éducation, santé ou infrastructures.

Les FCV sont des deniers publics. Il appartient au Trésor Public de les gérer et d'en assurer le suivi. La gestion des FCV par le Trésor Public comprend donc deux volets : le maniement et la comptabilisation, d'une part et la programmation et le suivi des projets financés sur FCV, d'autre part. Les FCV constituent un des cinq cadres du budget de l'Etat.

Ndlr : FCV : à ne pas confondre avec les fonds de contrepartie qui sont constitués par la contribution du Gouvernement malgache dans un programme ou projet financé par un Gouvernement ou par un organisme étranger.

L'Union Européenne est aussi un pourvoyeur d'aides génératrices de FCV mais pour son cas, le Trésor Public ne s'occupe que du recouvrement des FCV et de la conservation des fonds jusqu'à leur utilisation prévue par le bailleurs.



Que fait le Trésor Public ?

1

Emettre l'appel à manifestation d'intérêt

2

Sélectionner les bénéficiaires

3

Lancer le recouvrement des recettes sur FCV

4

Comptabiliser les opérations sur FCV (recettes/dépenses) et produire périodiquement des situations et documents comptables ainsi que les comptes de gestion.

5

Assurer la garde et la conservation des FCV en attendant leur programmation en accord avec les bailleurs de fonds.

Les opérateurs économiques ont à gagner sur trois points :

- Ils n'ont pas à faire sortir des devises
- Ils ont à payer à prix FOB (Cas des dons japonais) des marchandises importées à prix CAF
- Ils disposent d'une facilité de paiement au Trésor Public, étalée sur une période plus ou moins longue selon la nature de la marchandise importée.

Les difficultés du métier

L'ingérence du politique est de coutume

Les responsables des FCV ont l'habitude de faire face aux pressions de certains hauts responsables étatiques lors de la sélection des bénéficiaires des aides. Ils subissent également diverses interventions lors des différentes étapes du recouvrement.

La poursuite des débiteurs est longue, difficile et risquée

Le Trésor Public dispose des recours prévus par les textes en vigueur pour le recouvrement des fonds de contrevaieur – mise en œuvre des procédures de recouvrement forcé (Avis à Tiers Détenteur, mise en œuvre des privilèges du Trésor Public sur les recettes non fiscales...) – mais ceux-ci prennent souvent des années. Et même si les poursuites sont en bonne voie, les débiteurs emploient des grands moyens, dont les méthodes agressives pour échapper aux paiements de leurs dettes.

L'Etat est souvent perdant


En cas de défaillance des bénéficiaires – ce qui est souvent le cas – le Trésor Public doit reconstituer les FCV, objet de l'engagement contractuel avec le bailleur, qui devient de plus en plus exigeant. Par ailleurs, le démarrage des projets arrêtés préalablement avec le donateur et à financer par les FCV ne peut pas attendre.

La mobilisation des FCV est handicapée par l'absence d'inscription budgétaire

Les projets à financer sur FCV doivent faire l'objet d'une inscription budgétaire. Or, celle-ci est souvent délaissée par le Ministère de tutelle des projets, de sorte que le Trésor Public fait face à des difficultés lorsque le moment est venu pour mobiliser les fonds en vue de la réalisation des projets retenus.

Des mesures ont été prises.

Désormais, l'octroi des prochaines aides génératrices de FCV sera conditionné par la justification par les opérateurs économiques d'une caution bancaire. Aussi, en cas de défaut de paiement de leur part, le Trésor Public est-il assuré de recouvrer le montant qu'ils lui doivent. Par ailleurs, le Trésor Public dispose déjà d'une liste exhaustive des opérateurs économiques défaillants. Ils seront systématiquement éliminés des bénéficiaires potentiels d'aides génératrices de FCV.



vahinintsika



Philippe RATELOSON, Tale jeneralin'ny APIPA « Raha mbola mandeha araka ny lalàna voajanahary ny rano dia tsy misy mampanahy »

Nilatsaka be sady tena nisesy ny orana nandritra ny volana janoary 2015. Noho izany dia niakatra be ny rano eto Antananarivo. Inona no tokony hatao mba tsy hiavian'ny loza ? Iza no tomponandraikitra ? Mananontanona ny tondra-drano eto Andrenivohitra. Ny *Autorité pour la Protection contre les Inondations de la Plaine d'Antananarivo (APIPA)* no mampahafantatra amin'ny alalan'ny haino aman-jery ny haavon'ireo renirano mety hanondraka ny lemak'Antananarivo ka manaitra ireo tomponandraikitra isan-tokony sy ny mponina mba hitandreman'ny tsirairay. Manazava Andriamatoa Philippe RATELOSON, Tale jeneralin'ny APIPA.

Gazety TAHIRY : Inona no tena anjara asan'ny APIPA ?

Philippe RATELOSON : Ny fiarovana ny lemak'Antananarivo amin'ny tondra-drano no andraikitra ny APIPA. Efa hatramin'ny vaninandron'ny faha mpanjaka no nisy ny fiarovana ny lemak. Tamin'ny taona 1995 no nisy fanajariana ka nanamboarana fotodrafitrasa maro toy ny fefiloha, ny fampidirana rano amin'ny fotoanan'ny fambolena... Samy niezaka nanao izay noheveriny ho nanandrify azy ny minisitera misahana ny fanajariana ny tany, ny minisiteran'ny fambolena, ny minisiteran'ny asa vaventy, hany ka nifanitsaka ny asan'izy ireo. Izany indrindra no nahatonga



Efa mila ho difotra ny fiara eny amin'ny tanàna manodidina ny renirano Sisaony tamin'ny fandalovan'i Chedza

ny fananganana ny APIPA, *Etablissement public à caractère administratif* izay miaro sy mikarakara ireo fotodrafitrasa ireo.

GT : Inona izany no tena ataonareo mba hiarovana ny lemak'Antananarivo?

PR : Mijery izay fotodrafitrasa simba na mila fanamboarana izahay rehefa tapitra ny fotoanan'ny fahavaratra. Miankina amin'izay toe-java-misy no hanapahanay hevitra amin'ny fakana mpiasa vonjimaika raha misy asa goavana tsy maintsy hatao.

GT : Firy ny mpiasa ato amin'ny APIPA?

PR : Mampiasa olona raikitra 50 sy olona eo amin'ny 100 ka hatramin'ny 150 eo ho eo rehefa misy tetikasa vonjimaika manokana ny APIPA.

GT : Ahoana no fahitanao ny toe-javatra nandritra ny volana janoary raha ny habetsaky ny rotsak'orana no asian-teny ?

PR : Be ny rotsak'orana. Nivoaka ny mahazatra mihitsy ny haavon'ny rano tamin'ity kanefa efa misy ireo tondro haabo (*indicateur de niveau*) andrefesana ny fiakaran'ny rano. Hatreto aloha raha lkopa eo Anosizato dia tsy tratra ny haavo milaza loza (*côte d'alerte*). Tany Bevomanga kosa dia efa nahatratra 4,50m ny rano raha 4m ny haavo milaza loza. Raha mbola mandeha amin'ny fomba voajanahary anefa ny rano dia tsy mbola mampanahy loatra.

GT : Azonao hazavana misimisy kokoa ve ?

PR : Ao Bevomanga no toerana ihaonan'ny renirano rehetra. Telo ny renirano arahin'ny APIPA maso dia lkopa, Sisaony ary Imamba. Tsy natahorana loatra ny haavon'ireo renirano telo ireo. Maro anefa ireo renirano mivarina ao Bevomanga ka nampakatra be ny haavony. Na izany aza, rehefa mbola mandeha

araka ny fomba voajanahary – izany hoe midina – ny rano dia mbola tsy mampanahy. Rehefa tsy mandeha amin'ny fomba natoraly intsony kosa ny rano dia hatahorana ny fahavakisan'ny fefiloha ka hanondraka ny lemak'Antananarivo. Loza raha izany no mitranga. Mino anefa izahay fa tsy ho tonga amin'izany akory isika. Rehefa tena hitanay fa manambana ny loza dia andraikitra ny mampandre ny *Comité Restreint d'Intervention en cas de Cataclysme (CRIC)* hahafahan'izy ireo mandray ny fepetra famindrana ny olona monina

amin'ny toerana iva ho amin'ny toerana hafa.

GT : Inona izany ny vahaolana maharitra arosonareo mba tsy hisian'ny fiakaran'ny rano intsony ?

PR : Efa mitady izay fomba tena mahomby izahay. Ny fanamboarana fanariana rano lehibe ao Bevomanga no hahavaha ny olona rehetra. Harambato 7 km no tokony hararaotina ny fisiany ka hampiasaina ary efa vitanay ny fandinihina mialoha ny tetikasa (*étude de projet*). Miandry ny fanatanterahana azy sisa. Vola mitentina 200 ka hatramin'ny 300 tapitrisa dolara ny tetibidin'izany fanamboarana izany. Na izany aza, manana drafitrasa toy ny *vanne* koa izahay iarovana ny rano tsy hitobaka amin'ny manodidina. Eo ihany koa ireo *stations de pompage* etsy Ambodimita izay mahafoaka rano 3m³ isatsegondra isanisany. Rehefa miakatra ny rano amin'ireo lakan-drano ireo dia ampiasaina ny *station de pompage* hisintonana ny rano sy hamarinana azy ao amin'ny reniranon'Imamba.

GT : Andraikitrareo koa ny fanadiovana lakan-drano sy honahona (marais). Ahoana ny momba izay?

PR : Andraikitra toy tokoa ny fanadiovana. Misy ilay antsoinay hoe *nettoyage* izay analanay ny tsikafokafona rehetra sy ny fako izay arin'ny olona any amin'ireny lakan-drano ireny ka manentsina ny lalan'ny rano. Indray mandeha isantaona no anaovana izany. Misy koa ilay atao hoe *curage* satria tsy ny fako ihany no manentsina fa eo koa ny tany sy ny fasika izay entin'ny riaka rehefa avy ny orana ka maharitra dimy taona vao averina indray izany raha toa ka vita tsara. Mampiasa fitaovana (*engin*) izahay raha malalaka ny toerana, raha tsy izany dia olombelona ihany no manao ny asa miaraka amin'ny fitaovana tsotra.

GT : Ohatrinona no ilaina amin'ny fanadiovana isantaona?

PR : 600 tapitrisa ariary isantaona no ilaina amin'ny fanadiovana. 12kmx15m ny fitambaran'ny toerana diovina. Ny *bassins-tampans* rehetra ihany koa dia diovina manontolo: Anosy, Honahona Masay, ary Anosibe (misy roa). Miankina amin'izay vola eo am-pelatanana ihany anefa ny fanatanterahana ireo asa fanadiovana ireo ka misy ampahany tsy vita.



Trano manodidina ny 13 no lasan'ny rano

izaho sy ny asako



Danieline RAHARINIRINA
Inspecteur du Trésor (IT 5 ImateP),
Fondée de Pouvoirs TG Manakara

GT : Inona avy moa ny fidiram-bolan'ny APIPA ?

PR : Ny vola natokan'ny Fanjakana ho anay no fidiram-bolanay voalohany. Ny *redevance de premier établissement* amin'ny fanotorana tany sy ny *redevance annuelle sur les constructions sur remblai* ihany koa dia miditra ao anaty kitapom-bolanay. Manana fandaharanasa izahay isantaona ka raha miditra amin'ny ara-dalana ny vola rehetra dia ampy ny vola. Saingy ankehitriny tsy ampy ny vola miditra. Noho ny tsy fahampian'ny fotodrafitrasa dia voatery najanona ny fanotofana tany izay mampidi-bola ho an'ny APIPA ka sarotra ihany. Lasa miantehitra amin'ny vola avy any amin'ny Fanjakana fotsiny ny APIPA ankehitriny.

GT : Mitentina ohatrinona ny tetibolan'ny APIPA isantaona ?

PR : Telo miliara ariary ny sorabola natokana ho anay.

GT : Ahoana tokoa moa ny amin'ireny fanotorana tany ireny ?

PR : Ny kaominina no manome ny alalana fa misy komity mpandinika manome ny hevitra teknika izay ahitana solontena avy amin'ny Minisiteran'ny fanajariana ny tany, ny kaominina voakasika, ny *Service Autonome de Maintenance de la Ville d'Antananarivo (SAMVA)*, ny Minisiteran'ny rano ary ny APIPA.

GT : Iza no tomponandraikitra amin'ireny fanorenana manakana lakandrano ireny? Misy izany etsy Anosizato Atsinanana.

PR : Rehefa mahita tsy fanarahan-dalana izahay dia mampandre ny tomponandraikitra eny anivon'ny kaominina izay manapa-kevitra amin'ny fandroanana na tsia ireny fanorenana tsy manara-dalana ireny. Efa betsaka ny taratasy fangatahana nalefanay mikasika izany. Marihiko ihany koa fa tsy ny lakandrano rehetra eto Antananarivo akory no iandreketan'ny APIPA fa telo ihany dia ny lakandrano Andriantany (miainga etsy Ankadimbahoaka), ny C3 (Anosibe – Ambodimita) ary ny lakan-drano *Génie Rurale (GR)*. Ireo telo ireo ihany no iandraiketany satria ireo no mifandray amin'ny *station de pompage*-nay etsy Ambodimita.

GT : Inona no ataonareomialoha, mandritra ary ao aorian'ny fotoam-pahavaratra?

PR : Manadio sy manamafy ny fotodrafitrasa no ataonay mialohan'ny fiavian'ny orana. Mandritra ny fotoana mahabe ny rano indray dia ny manara-maso ny fiakaran'ny rano sy miezaka ny mampidina izany no andraikitrany. Dia rehefa tapitra indray ny orana vao mijery izay fotodrafitrasa tokony hamafisina sy hasiam-panavaozana.

GT : Aminao, ampy ve ny fotodrafitrasa efa misy ankehitriny hiarovana ny lemak'Antananarivo ?

PR : Tsy fantatry ny olona fa misy ny atao hoe *bassins tampons* izay ampiasainay hanangonana ny rano mialohan'ny hamarinana azy any amin'ny toerana voatondro. Ny ranon'Anosy, ny Honahona Masay ary Anosibe dia tena manampy be anay amin'ny *assainissement*. Na izany aza, efa mivoatra ny zava-misy ankehitriny : ny mponina mitombo, ny fanorenana efa be dia be ka tsy ampy intsony. Tokony hisy ny fandinihana mba hahafahana manavao na manitatra na koa manamboatra dobo mpandray (*bassin de réception*) sy lakandrano hafa. Betsaka ny fotodrafitrasa vaovao tokony haorina.

GT : Hafatra.

PR : Ny tena olona ary mampitombo amin'ny tsy misy antony ny vola mivoaka amin'ny Fanjakana dia ireo fako alefan'ny olona any amin'ny lakandrano izay diovin'ny APIPA. Mahavariana anefa fa eo akaiky eo ihany ny dabam-pako. Manainga ny olona rehetra mba hanaja ny fahadiovana satria raha izay fotsiny no voatandrina dia mihena be mihitsy ny vola mivoaka amin'ny Fanjakana mikasika ny fanadiovana.

Amin'ny maha *Fondée de Pouvoirs* ahy dia ny misolo toerana ny *Trésorier Général* amin'ny asa rehetra na ato ampiasana na any ivelany (fivoriana, lanonana isankarazany) no tena andraikitra. Manao ny asa fampandehanan-draharaha andavanandro, mitantana ny mpiasa ary manapa-kevitra raha tsy eo an-toerana ny lehibe.

Amin'ny andavanandro dia ny *visa* no tena mibahan-toerana. Noho ny tsy fahampian'ny solosaina dia ny *visa sur pièces* no atao mialoha. Rehefa akaiky hirava vao manao ny *visa sur machine*. Miankina amin'ny asa tsy maintsy vitaina ny fialana ato am-piasana ary taratara matetika vao tafody. Misy hatrany ny olana madinidinika entin'ny mpiara-miasa na ny manan-draharaha. Tsy maintsy vahana izy ireny. Mandeha mody misakafo amin'ny antoandro, dia miverina indray ny hariva mitsirika ny *caisse* sy mamita ny asa tsy vita ny maraina.

Zava-dehibe ny faharetana raha te hahita fahombiazana amin'ny asa indrindra ho anay aty amin'ny *poste comptable* izay mifanerasera amin'ireo manan-draharaha. Betsaka maintsy ny mimenomenona ambadika sy manome tsiny rehefa tsy mifanaraka amin'ny eritreriny ny zava-miseho. Ny fanosoram-potaka isan-karazany tsy lazaina intsony.

Ny fitantanana ny mpiasa no manahirana ahy indraindray satria anisan'ny zandriny indrindra aho kanefa tsy maintsy mandray andraikitra amin'ny maha lehibe ahy ato amin'ny toeram-piasana mba hampilamina ny asa. Efa mipetraka tsara ankehitriny ny fifanajana.

Isan'ny nanamarika ahy ary fahatsiarovana ratsy ho ahy ny nilaharan'ny mpiasan'ny Kaominina Manakara fa tsy navoakan'ny *Trésor* hono ny karamany. Teo ihany koa ny fahavakisan'ny trano fiasana indroa, izay tsy fantatra mazava ny antony fa toa miendrika hasomparana tsotra izao. Ary farany dia ny fandalovan'ity rivodoza farany ity izay nampitondra fahasahirana ny mpiara-miasa maro eto amin'ny TG Manakara sy nandrava tanteraka ny tafon'ny toeram-piasana.

Sarotra ihany ny fampiarahana ny asa eto amin'ny *Trésor* sy ny fiainan-tokantrano saingy safidy ka tsy maintsy arindra sy alamina. Betsaka ny tampoka ka tara matetika ny firavana na mampiasa amin'ny andro tsy fiasana indraindray ka mety hampisy olana ao antokantrano. Isan'ny nampirisika ahy hiasa aty amin'ny faritany anefa ny fandrindrana ny asa sy ny tokantrano satria malalaka kokoa ny fotoana iarahana amin'ny ankohonana lavitry ny fitohanana'ny fiara amin'ny tanan-dehibe. Na izany aza, tsy maintsy ankinina amin'olona ny asa ao an-trano. Rehefa faran'ny herinandro dia tsy maintsy miezaka manonitra ny tsy maha ao an-trano amin'ny andavanandro.

Ny adidy hono tsy an'olon-dratsy ka matoa isika nomena andraikitra dia nametrahana fitokisana. Anjarantsika no manaporofa fa mendrika izany isika na mafy aza ny mandrindra ny asa andavanandro sy ny maha renim-pianakaviana. Ataoavy am-pitsikiana ny asa, ankino amin'Andriamanitra ny fiainana ary farany, mametraha tanjona mba ahafahana miroso amin'ny tsaratsara kokoa hatrany.

▲ Yves RAKOTO

invitée de l'économie

Hanitra RAHARINJATOVO

Directeur Général du FDL



«Les communes doivent être un levier pour le développement.»

La Constitution de la République de Madagascar prévoit l'existence de structures décentralisées dont les communes, structures autonomes qui doivent concourir au développement économique, social, culturel et environnemental de leur ressort territorial. Le Fonds de Développement Local (FDL), établissement public national à caractère administratif a ainsi été créé pour soutenir ces actions de développement. Durant ses cinq années d'existence, le FDL a pu transférer 7,3 milliards MGA dans 968 communes de Madagascar pour mettre en place des infrastructures socio-économiques. Cet établissement œuvre pour le renforcement des capacités des communes, le suivi-évaluation des activités financées ainsi que l'appui institutionnel. Hanitra RAHARINJATOVO, Directeur Général du FDL fait le point.

Gazety Tahiry : Parlez-nous du FDL

Hanitra RAHARINJATOVO : Le FDL a été créé par le Décret n°2007-530 du 11 juin 2007. Il est doté de personnalité morale et d'une autonomie financière et est placé sous la tutelle technique du Ministère de l'Intérieur et de la Décentralisation et sous la tutelle financière du Ministère des Finances et du Budget. Il assure le financement des investissements communaux, intercommunaux et des actions de renforcement de capacités des collectivités territoriales décentralisées. Le FDL a également vocation d'apporter des appuis techniques aux communes.

BT : Financez-vous également les dépenses de fonctionnement ?

HR : Non. Notre intervention concerne uniquement les dépenses d'investissement.

BT : Les Régions bénéficient-elles également de votre soutien ?

HR : Non. Les communes sont exclusivement les bénéficiaires des interventions du FDL.

BT : Comment opérez-vous concrètement ?

HR : Nous œuvrons pour la promotion d'une décentralisation effective et la création d'un lieu où les élus doivent pouvoir satisfaire les attentes de la population. C'est ainsi que nous finançons les projets jugés prioritaires par la population et par l'organe exécutif des communes. Nous assistons les maires et les agents des collectivités territoriales décentralisées

pour qu'ils puissent assurer leur rôle de fournisseur de services de proximité. Nous finançons également des formations pour renforcer leur capacité en matière de gouvernance. C'est indispensable pour que les fonds transférés soient gérés de manière efficiente et transparente.

BT : Dressez-nous un bilan de vos réalisations.

HR : Presque 80 % des communes de la Grande-Île ont été appuyées par le FDL. A ce jour, l'établissement public a pu financer, dans le cadre de subventions d'investissement, 1 041 sous-projets pour un montant total de 7,3 milliards MGA répartis dans 968 communes sur les 22 régions. Près de 630 000 emplois

temporaires ont été créés à travers les projets à Haute Intensité de Mains d'Œuvre (HIMO). Ces sous-projets concernent des travaux de réhabilitation ou de construction de pistes, d'écoles publiques et de bureaux administratifs. Nous intervenons également dans le secteur agricole, dans les infrastructures sportives et culturelles, dans les infrastructures de santé et dans les marchés ainsi que dans l'adduction d'eau potable, dans l'assainissement et dans l'électrification rurale. Par ailleurs, les pratiques au niveau des communes se sont améliorées. Le plus

marquant est le budget participatif, qui a déjà fait l'objet de nombreux témoignages de responsables communaux. Actuellement, 200 communes pratiquent cette méthode qui est beaucoup plus efficiente, selon les maires concernés. 30% des communes bénéficiaires de l'appui du FDL affichent leurs documents budgétaires et 60% ont déjà produit leur rapport technique et financier concernant l'utilisation des fonds.

BT : Quelles sont les faiblesses des communes malgaches ?

